

ANTSA FIDERANA

(Chorale)

FANEKEM-PINOANA

(Confession de foi)

VAOVAO

(Annonces)

RAKITRA

(Offrandes)

📖 FFPM 170

1 - Ry Jeso ny fitiavanao
No ifalianay.

Fa voavono Hianao,
Hisolo voina anay.

*Mba raisonao re
Ny saotra aterinay izao,
Ho fanajana
Anao, Mpamonjy tia!*

3 - Ambony ny firiavanao,
Ka tsy mba takatray;
Kanefa noho ny herinao,
Hiezaka izahay.
Mba raisonao re ...sns

2- Mahery ny fitiavanao,
Ka itokianay:
Izay mikambana aminao
Dia tsy hangaihay.
Mba raisonao re...sns

4 - Hiezaka izahay, Jeso!
Ka mba ho tia Anao.
Ka tsy hatahotra eso koa,
Noho ny aminao!
Mba raisonao re ...sns

📖 FFPM 3

1 - Isaorana anie
Andriamanitsika,
Fa fitahiam-be
Omeny ho antsika ;
Hatreato am-bohoka
Ka mandraka antitra
Isika henika
Ny soan'ny lanitra.

2- Tsy mety tapitra
Na lany ny haren'ny ;
Tsy hita faritra
Ny sisa izay homeny ;
Fanahy sambatra
Sy fo miadana
No efa santatra
Izay ananana.

3 - Ny Ray sy Zanaka
Sy ny Fanahy koa,
Derain'ny masina
Ho Tompo iray tokoa ;
Andriamanitray
Be fahasoavana
No anateranay
Izay fisaorana

Fanolorana ny Rakitra

Mamy Re, Ry Tomponay ! Izao Fitiana Izao.
Ka Indreto Izahay Avy Mba Hisaotra Anao,
Raiso re izao saotra izao, Fa fanati-tsitraro ;
Tsy mba mendrika ho Anao, Nefa vokatra ny fo.

VAVAKA FISAORANA

(Prière d'Intercession)

"Rainay izay any an-danitra

HAFATRA sy TSODRANO

(Envoi et bénédiction)

📖 Antema 16

Isaoranay Jehovah Tomponay,
isaoranay Andriamanitray ;
fa be fitia ny Tomponay,
ny Tompo tia anay,
Mpanjaka tia, Mpamindra fo.
Deraina Hianao.
Isaoranay izao,
fa be fiantra Hianao,
Mpanjaka be fitia.
Isaoranay ny Tomponay.
Ny tany aty mandray fitahiana ;
ny lanitra ary mamoaka ny soa,
ka misy tokoa ny vokatra tsara.
Jehovah Tsitoha manambina anay.
Deraina ny Anaranao Andriamanitray.
He! faly izahay izao manao ny hiranay!
Isaoranay Andriananaharinay
Mpanjaka be fitia.

*Mpitarika : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka
ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho
mandrakizay, amen. Mandehàna amin'ny fiadànana, ka
manompoa ny Tompo.*

*(Gloire soit au Père, gloire au Fils, gloire au Saint Esprit! Comme au
commencement, aujourd'hui, toujours et d'éternité en éternité! Allez dans la
paix du Christ!)*

Fiangonana : « Isaorana anie Andriamanitra. »

(Rendons grâce à Dieu!)

FEON-JAVAMANENO

(Postlude)

Soli deo Gloria

Président:	Charles RAKOTONIAINA	04.91.92.02.33
	rakotoniainac@free.fr	
Vice-président:	Roger RAMIANDRISOA	04.96.12.00.19
Trésoriers:	Auguste RALAIMANARIVO	04 42 58 83 33
	Solange RANAIVOSOA	04 42 66 93 63
Secrétaires:	Jocelyne RANDRIANARIDERA :	04.42.54.72.63
	Rolande RAMAMONJISOA :	04.91.84.68.51
	Olivia RASOAMANANA (finance):	06.34.54.15.83
Conseiller:	Lanto RASOLOARIJAONA	04.86.12.91.82
Pasteur:	Jeannot RANDRIANANDRASANA	06.62.67.92.79
	jeannot_randrianandrasana@yahoo.fr	

Website: <http://fpmaam.free.fr>

Compte: MAR 17 047 00 Z 029 (La Banque postale)

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Aix-Marseille

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

15, rue Grignan
13005 Marseille

4, rue Villars
13100 Aix-en-Provence

Dimanche 15 février 2009

Culte de Reconnaissance

Thanksgiving



Ary Jesosy dia **onena** azy ka naninjitra ny
tànany, dia **nanendry** azy ka nanao taminy hoe:
Mety Aho; madiova hianao.

Pris de **pitié** devant cet homme, Jésus étendit la
main, le toucha et lui dit :

« **Je le veux, sois purifié.** »

Marc 1.41



Membre de la PPF

FIANARANA HIRA FANEVA (Rep. Hymne 50eme)

FIARAHABANA (Salutation apostolique)

FIDERANA : (Louange)

*Iarahana mamaky : **Salamo 103 :1- 5a**

Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko / Ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina / Misaora an'i Jehovah, ry fanahiko / Ary aza misy hadinoana ny fitahiany rehetra / Izay mamela ny helokao rehetra / Izay manasitrana ny aretinao rehetra / Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka / Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao / Izay mahavoky soa ny vavanao / Ny fahatanoranao mody indray toy ny an'ny voromahery

Mon âme, bénis l'Éternel! Que tout ce qui est en moi bénisse son saint nom! 2 Mon âme, bénis l'Éternel, Et n'oublie aucun de ses bienfaits! 3 C'est lui qui pardonne toutes tes iniquités, Qui guérit toutes tes maladies; 4 C'est lui qui délivre ta vie de la fosse, Qui te couronne de bonté et de miséricorde; 5 C'est lui qui rassasie de biens ta vieillesse, Qui te fait rajeunir comme l'aigle.

FF 48 Misaotra Anao izahay ry Ray

1- Misaotra Anao Zahay ry Ray Noho ny fitiavanao
Ny aizin-kitroka nisy ahy Indro fa nidiranao
Dia hazavana lehibe no indro fa naposakao
Ka ravoravo ery ny izay midera Anao

Refrain :

*Inona ary no havaliko Anao
Noho ireo soa efa narotsakao
Dia hazavana lehibe no indro fa naposakao,
ka ravoravo ery ny fo izay midera Anao*

2- Na dia tsy mendrika ry Ray Reto te hideranao
Dia notoloranao tokoa ny fanavotan-dehibe
Na dia mahantra aza re dia novidin'ny
Zanakao , tamin'ny rany izay madio
Mba ho isany Anao

3 - He menatra tokoa ry Ray
Ny hifanatrika Aminao
Kanefa noho ny Zanakao
Dia indro fa manantona ahy
Manery ahy izany foko resin'ny fitiavanao
Ilay fo maniry mafy Anao,
ka indro hanjakao

VAVAKA FIHAONANA (Prière)

SITRAPON'ANDRIAMANITRA Luc 17 /12-19 (Volonté)

FIAIKEN-KELOKA (Confession des péchés)

Hira fifonana: (Kyrie eleison!)

Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô,
(Seigneur aie pitié de nous. Christ Sauveur aie pitié de nous. Saint Esprit Consolateur, aie pitié de nous)

FAMELANKELOKA (Pardon)

FF 7

1- Tsy hainay ny hangina
ka tsy hankalaza ny Avo
nameno fitahiana
ka tsy mba namela ho lavo
2- Tsy hainay hadinoana
ilay farafitiavanao Ray ô,
fa maty novonoina
ny zanakao hamonjy anay

Isan'andiny:

*Ka dera ry Ray
Sy saotra no atolotray ho Anao
Raiso (fo sy fanahy) fo faly loatra
No entinay midera Anao
Ny sainay tsy ampy hahalala
Ny fatran'ny fitiavanao
Ka raiso ry Tompo Malala
Ny fankasitrahana Anao ry Ray*

FANKALAZANA (Gloria)

+ Voninahitra ho any amin'ny avo indrina...»
(Gloire à Dieu dans les lieux très hauts!)
-Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona
ankasitrahany»
(Et paix sur la terre parmi les hommes qu'il agréé!)

SEKOLY ALAHADY (E.d.Dimanche)

SORATRA MASINA (Lectures bibliques)

FFPM 205 / 1, 4

1- Ny teninao rehetra,
Ry Tompo tia anay !
No tsy mba manam-petra,
Fa tò mandrakizay ;
Ho levona avokoa
Izao rehetra izao,
Haharitra tokoa
Izao teninao izao.

4- Fa teny mampisava
Ny aizim-be aty,
Fanilo manazava
Ny dia ho ary ;
Manolo-pahendrena,
Mananatra ny fo,
Milaza famonjena
Sy lova tsy ho lo.

Testamenta Taloha (Ancien Testament)	Lév	13	1 - 2 & 45 - 46
Epistily (Épître)	1Cor	10 11	31 - 1

FFPM 210 / 5

Ry Jesosy ô! Mpampianatray!
Maminay ny teninao;
taomy izahay mba hahazainay
hankato ny teninao
Soa tsy manampaharoa ny fitsipikao...

Filazantsara (Évangile)	Mc	1	40 - 45
-----------------------------------	-----------	----------	----------------

Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara

FFPM 243

1- Mivory eto izahay,
Handre ny teninao
Izay hambara aminay,
Andriamanitra ô!

2- Tolory fahendrena, ka
Ampio ny irakao,
Izay hitory aminay
Ny teninao izao.

3- Ny fon'izay mihaino koa
Sokafy rahateo,
Ho tia sy hirakitra
Ny teny mahaso.

TORITENY

(Prédication)

